
# TANY AVY AMIN'NY FAHAPOTEHAN'NY VATO

## 1- SOLS FERRUGINEUX TROPICAUX JAUNES ET ROUGES (TANETY, DEBOKA)

__SOSONA AMBONY__: betsaka fasika sy tanimanga, mitambongana, mora miparitaka
__SOSONA AMBANY__: betsaka fasika na fasika sy tanimanga, mitambongana, mora miparitaka

__TOMBONY:__
mitsika tsara ny rano, mivelatra tsara ny faka, mamokatra raha ampy fangaro organika
__FAHALEMENY:__
mora kahon'ny riaka raha tsy voaaro, masiaka, tsy manana tahirin-tsakafo betsaka






## 2- SOLS FERSIALITIQUES (TANETY)

0

50 sm



__SOSONA AMBONY__: betsaka tanimanga, mitambongana somary boribory
__SOSONA AMBANY__: betsaka tanimanga sy fasika na fasika, mitambongana somary mafy

__TOMBONY:__
Tsy masiaka, mitahiry sakafo betsaka, mamokatra raha ampy fangaro organika
__FAHALEMENY:__
Be tanimanga ka mifatratra raha tsy ampy fangaro organika, mora kahon'ny riaka

## 3- VERTISOLS ( TANIM-PAKO)



__TOETRA__: Betsaka tanimanga, mitambongana, mifatratra mafy, toerana mafana, iva, tsy misy fivoahan'ny rano

__TOMBONY:__
Mamokatra, afaka mitahiry sakafo, tsy mora kahon'ny riaka
__FAHALEMENY:__
Mafy be rehefa maina (tsy ampy fangaro organika), mitsika ny rano

## 4- SOLS CALCIMAGNESIQUES (TANY SOKAY)

0

50 sm



__TOETRA__: Betsaka tanimanga, mitambongana sady mafy, tanety be vato sokay

__TOMBONY:__
Tsy masiaka, betsaka tanimanga
__FAHALEMENY:__
Basika loatra, tsy tsara ho an'ny fambolena sasany, mora kahon'ny riaka, mila fangaro organika

## 5- SOLS PEU ÉVOLUÉS D'ÉROSION, CALCIMORPHES (tany be vato)



__TOETRA__: Betsaka tanimanga, mitambongana, tanety be vato sokay

__TOMBONY:__
Tsy masiaka, mitahiry sakafo, mamokatra (mila fangaro organika)
__FAHALEMENY:__
Tany mafy sady be vato, mora kahon'ny riaka raha tsy voaaro

Produit par le projet ProSol à Madagascar

*Crédits photographiques : ECO Consult*